

REPOBLIKAN'i MADAGASIKARA

Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

LOI N° 2007- 040 DU 14 JANVIER 2008 relative à la délivrance des jugements supplétifs d'actes de naissance dans le cadre du Programme National de réhabilitation de l'enregistrement des naissances « Ezaka Kopia ho an'ny Ankizy »

EXPOSE DES MOTIFS

L'enregistrement des naissances est un droit fondamental de chaque enfant stipulé dans les articles 7 et 8 de la Convention relative aux droits de l'enfant.

A Madagascar, le défaut d'enregistrement de l'enfant à la naissance constitue un problème d'envergure nationale. En effet, selon les résultats de l'enquête MICS 2000, le nombre des enfants dont la naissance n'a pas été enregistrée était estimé à environ 2500 000. Ainsi dépourvus de leur acte de naissance, ils sont privés des éléments constitutifs de leur identité.

La présente loi s'inscrit dans le cadre de la mise en œuvre du Programme National de réhabilitation de l'enregistrement des naissances, intitulé « Ezaka Kopia ho an'ny Ankizy », adopté par le Gouvernement en mai 2004 et dont l'un des principaux objectifs est de donner la possibilité à chaque enfant qui n'a pas été enregistré à l'état civil dans le délai légal, de se faire établir un acte de naissance par le biais de jugement supplétif.

Conformément aux dispositions de la loi n° 61-025 du 09 octobre 1961 relative aux actes de l'état civil, la délivrance de jugements supplétifs d'actes de naissance relève uniquement de la compétence des tribunaux de première instance. Mais compte tenu du volume généralement important des affaires portées devant ces juridictions, du nombre élevé des enfants dépourvus d'acte de naissance et de l'insuffisance numérique des magistrats et du personnel judiciaire, les résultats attendus du programme ne sauraient être atteints sans l'innovation des dispositions relatives à la délivrance de jugements supplétifs d'actes de naissance.

Aussi, il apparaît nécessaire d'étendre l'attribution de la compétence en la matière aux autorités administratives territoriales pendant une période allant jusqu'au 31 décembre 2011. La procédure est également simplifiée en supprimant certaines règles procédurales judiciaires.

Enfin, il est utile de prévoir que pendant la même période, des audiences spéciales puissent être tenues dans les chefs lieux des districts et des communes par les tribunaux civils et les autorités administratives territoriales en vue de la délivrance de jugements supplétifs d'actes de naissance aux enfants.

Tel est, l'objet de la présente loi.

REPOBLIKAN'i MADAGASIKARA

Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

LOI N° 2007- 040 DU 14 JANVIER 2008
relative à la délivrance des jugements supplétifs d'actes de naissance
dans le cadre du Programme National de réhabilitation
de l'enregistrement des naissances
« Ezaka Kopia ho an'ny Ankizy »

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 19 décembre 2007 et du 20 décembre 2007,

LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,

Vu la Constitution ;

Vu la Décision n° 05-HCC/D3 du 09 janvier 2008 de la Haute Cour Constitutionnelle ;

Promulgue la loi dont la teneur suit :

Article premier - La présente loi fixe les modalités de délivrance des jugements supplétifs d'actes de naissance des enfants, dans le cadre de la mise en œuvre du Programme National de réhabilitation de l'enregistrement des naissances « Ezaka Kopia ho an'ny Ankizy ».

Art. 2 - Pour l'application de la présente loi, un enfant s'entend de tout être humain âgé de moins de dix huit ans.

Art. 3 - Les dispositions des articles 68 à 71 de la loi n° 61-025 du 09 octobre 1961 relative aux actes de l'état civil sont appliquées *mutatis mutandis* dans le cadre de la mise en œuvre du Programme National « Ezaka Kopia ho an'ny Ankizy », allant de la période de la promulgation de la présente loi jusqu'au 31 décembre 2011.

Art. 4 - Tous les Magistrats de siège des Tribunaux de Première Instance ainsi que les Chefs de District et leurs Adjoints exercent respectivement les attributions définies à l'article 3 ci-dessus, dans le ressort de leur juridiction ou dans leur circonscription administrative.

Art. 5 - Des audiences foraines spéciales pour la délivrance de jugements supplétifs d'actes de naissance des enfants peuvent être tenues aux chefs lieux de district et aux chefs lieux des communes sur l'initiative des Directeurs de l'Administration Générale et Territoriale et des Chefs de Districts de concert avec les Maires pendant la période prévue à l'article 3 ci-dessus.

Art. 6 - Par dérogation aux articles 6 et 15 de l'Ordonnance n° 60-107 du 27 septembre 1960 portant réforme de l'organisation judiciaire et l'article 39 bis du Code de Procédure Civile, les procédures aux fins de jugement supplétif d'actes de naissance ne sont pas soumises à la communication préalable.

La présence d'un Magistrat du Ministère public aux audiences foraines spéciales n'est pas obligatoire.

Art. 7 - Tout Magistrat siégeant en audience foraine spéciale peut se faire assister d'un greffier *ad hoc*.

Art. 8 - Les Chefs de Districts et leurs adjoints ainsi que les greffiers *ad hoc*, siégeant en audience foraine spéciale doivent prêter serment par écrit «de bien et loyalement remplir leurs fonctions et d'observer tous les devoirs qu'elles leur imposent». Ledit serment est transmis par le Chef de District au Président du Tribunal de Première Instance dont relève la circonscription administrative concernée.

Art. 9 - Un procès verbal succinct peut remplacer le plumitif d'audience prévue par l'article 182 du Code de Procédure Civile.

Une expédition du jugement sera adressée au Ministère de la Justice.

Art. 10 - Les jugements supplétifs d'actes de naissance rendus conformément à l'article 3 ci-dessus seront transcrits aux registres du centre d'état civil du lieu de naissance et du lieu où s'est tenue l'audience.

Art. 11 - En raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 4 de l'Ordonnance n° 63-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions du droit interne et de droit international privé, la présente loi entre immédiatement en vigueur dès qu'elle aura reçu une publication suffisante par émission radiodiffusée et télévisée, par voie de kabary ou affichage, indépendamment de son insertion au Journal Officiel de la République.

Art. 12 - La présente loi sera publiée au *Journal officiel* de la République. Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Antananarivo, le 14 janvier 2008

**Le Président de la République
Marc RAVALOMANANA**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA 033/2007
tamin'ny 14 desambra 2007

**momba ny famoahana didim-pitsarana misolo sora-pahaterahana ho
fanatanterahana ny fandaharan'asam-pirenena ho fanarenana
ny firaketam-pahaterahana**

“Ezaka Kopia ho an’ny Ankizy”

FAMELABERANA NY ANTONANTONY

Ny firaketam-pahaterahana dia zo fototra ny ankizy tsirairay voalazan'ireo andiny faha 7 sy 8 ny Fifanarahana Iraisam-pirenena momba ny zon'ny zaza.

Olana lehibe eto Madagasikara ny tsy fanaovana firaketana ny zaza vao teraka ao anatin'ny fe-potoana voatondron'ny lalàna. Satria tokoa, araka ny fanadiadiana MICS 2000 , dia mahatratra 2.500.000 eo ho eo ny isan'ireo ireo zaza neverina fa tsy voasoratra ao anatin'ny bokim-piankohonana ny fahaterahany. Ny tsy fananan'izy ireo sora-pahaterahana dia mitarika fahabangana amin'ireo singa hahafahana manam-porofo ny mombamomba azy.

Ity Volavola-dalàna ity dia tafiditra ao anatin'ny paikady ho fampiharana ny Fandaharan'asam-pirenena ho fanarenana ny firaketam-pahaterahana, na koa hoe

“Ezaka Kopia ho an’ny Ankizy”, izay nolianian’ny Fitondram-panjakana tamin’ny alàlan’ny Didim-panjakana laharana faha 2004-495 tamin’ny 20 aprily 2004. Isan’ireo tanjona lehibe tratrarina ny hanomezana sora-pahaterahana ireo zaza tsy voasoratra ao amin’ny rejisitra ny sora-piankohonana tao anatin’ny fotoana aradalàna, ka izany dia amin’ny alalàn’ny famoahana didim-pitsarana misolo ny sora-pahaterahana.

Araka ny rinjan-teny voarakitra ao amin'ny lalàna laharana faha 61-025 tamin'ny 09 oktobra 1961 momba ny sora-piankohonana, ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany ihany no manana fahefana amin'ny famoahana didim-pitsarana misolo ny sora-pahaterahana. Kanefa, noho ny hamaroan'ny raharaha entina eny anivon'ny fitsarana, ny habetsahan'ny isan'ny zaza tsy manana sora-pahaterahana, ny tsy fahampian'ny isan'ny mpitsara sy ny mpandrahahaha dia tsy ho tratra ny vokatra sy tanjona kendrena voalaza ao anatin'ny fandaharan'asa raha tsy misy fepetra manokana raisina momba ny famoahana ny didim-pitsarana misolo ny sora-pahaterahana.

Noho ny antony voatanisa ireo dia heverina fa ilaina ny fanitarana ny fahefamahefa momba ny famoahana ny didim-pitsarana misolo ny sora-pahaterahana any amin'ireo mpitondra fanjakana isam-paritra hatramin'ny 31 desambra 2011. Hamaivanina ihany koa ny paikady amin'ny alàlan'ny tsy fampiharana ireo fepetra sasan-tsasany takian'ny lalàna.

Ankoatra izany, mandritra ny vanim-potoana voalaza eo ambony, dia ilaina ny fanatanterahana fotoam-pitsarana mitety vohitra manokana ao amin'ny renivohitry ny distrika na ny kaominina izay tarihin'ny fitsarana ady madio na ny manampahefana ara-panjakana isam-paritra ho famoahana didim-pitsarana misolo ny sora-pahaterahana ho an'ny ankizy.

Toy izany sy izany ny votoatin'ity Volavolan-dalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA 033/2007
tamin'ny 14 desambra 2007

**momba ny famoahana didim-pitsarana misolo sora-pahaterahana ho
fanatanterahana ny fandaharan'asam-pirenena ho fanarenana
ny firaketam-pahaterahana**

“Ezaka Kopia ho an'ny Ankizy”

Nolian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fotoam-pivoriana izay
nataony ny faha-19 desambra 2007, izao Volavolan-dalàna manaraka izao :

Andininy voalohany : - Ity lalàna ity dia mirakitra ireo fepetra momba ny
famoahana didim-pitsarana misolo ny sora-pahaterahana ho an'ny ankizy ho
fanatanterahana ny fandaharan'asam-pirenena ho fanarenana ny firaketam-
pahaterahana “Ezaka Kopia ho an'ny Ankizy”.

Andininy 02 : - Ho fampiharana ity lalàna ity, ny atao hoe ankizy dia ny
olombelona rehetra latsaka ny valo ambin'ny folo taona.

Andininy 03 : - Ireo rijan-teny hita ao amin'ireo andininy faha 68 ka
hatramin'ny 71-n'ny Lalàna laharana 61-025 tamin'ny 09 oktobra 1961 momba ny
sora-piankohonana dia hampiharina antsakany sy andavany eo amin'ny
fanatanterahana ny fandaharan'asam-pirenena “Ezaka Kopia ho an'ny Ankizy”
izay manomboka amin'ny fotoana nanaovan-tsonia an'ity lalàna ity ka hatramin'ny
31 desambra 2011.

Andininy 04 : - Ireo Mpitsara mpamoaka didy eo anivon'ny Fitsarana
Ambaratonga Voalohany rehetra, ny lehiben'ny distrika rehetra sy ireo lefiny dia
misahana ireo andraikitra voalaza ao amin'ny andininy faha 03 voalaza etsy
ambony ao anatin'ny fari-piadidim-pitsarany na ny fari-piadidim-pitondrany avy.

Andininy 05 : - Mandritra ny vanim-potoana voatondro ao amin'ny
andininy faha 03 voalaza etsy ambony, ny Talen'ny raharraham-panjakana

ankapobeny sy ny tany ary ny Lehiben'ny distrika miaraka amin'ny Ben'ny tanana dia afaka mandray fanapahan-kevitra momba ny fanatanterahana fotoam-pitsarana mitety vohitra manokana ho famoahana didim-pitsarana misolo ny sora-pahaterahana.

Andininy 06 : - Ny fampitana mialoha amin'ny Fampanoavana araka ny voalazan'ireo andininy faha-06 sy faha-15 ao amin'ny Didy hitsivolana laharana faha 60-107 tamin'ny 27 septambra 1960 momba ny fanavaozana ny fandaminana ny rafi-pitsarana sy ny andininy faha-39 bis ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny paika ady madio dia tsy hampiharina amin'ny fanatanterahana ity lalàna ity.

Tsy voatery ny fanatrehan'ny Mpitsara avy ao amin'ny Fampanoavana ny fotoam-pitsarana mitety vohitra manokana.

Andininy 07 : - Ny Mpitsara rehetra izay manatanteraka fotoam-pitsarana mitety vohitra manokana dia afaka hotronona mpiraki-draharaha mpanampy.

Andininy 08 : - Ireo Lehiben'ny distrika sy ireo lefiny ary ireo mpiaraki-draharaha mpanampy izay hanatanteraka fotoam-pitsarana mitety vohitra manokana dia tsy maintsy manao fianianana an-tsoratra mba "hanatanteraka tsara sy araka ny lalàna ny asany ary hanaja tsara ireo adidy aman'andraikitra izay ankinina aminy". Ny fianianana an-tsoratra dia alefan'ny Lehiben'ny Distrika any amin'ny Filohan'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany mahefa ao amin'ny fari-piandidim-panjakana.

Andininy 09 : - Firaketana an-tsoratra fohy dia afaka misolo ny fitanana an-tsoratra amin'ny fotoam-pitsarana voalazan'ny andininy faha-182 ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny paika ady madio.

Alefa an'ny amin'ny Ministeran'ny Fitsaranana ny soson'ny didim-pitsarana.

Andininy 10 : - Ny didim-pitsarana misolo ny sora-pahaterahana navoaka araka ny andininy faha- 03 voalaza etsy ambony dia soratana ao amin'ny rejisystry ny sora-piankohonana ao amin'ny toerana nahaterahana sy ao amin'ny toerana izay nanatanterahana ny fotoam-pitsarana.

Andininy 11 : - Noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-04 amin'ny Hitsi-volana laharana faha 62-041 tamin'ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra akapobe momba ny lalàna eto amin'ny

Firenena sy ny lalàna iraisam-pirenena ifampitondrana amin'ny isam-batan'olona, dia manan-kery avy hatrany ity lalàna ity raha vao ampahafantarina ny besinimaro amin'ny alalan'ny fampielezam-peo sy fahitalivtra, kabary na ankoatra ny famoahana azy amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Andininy 12 : - Ity Lalàna ity dia havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika. Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-19 desambra 2007

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,

NY MPITANTSORATRA,

Jacques SYLLA